
# FANKALAZANA NY NAHATERAHAN'NY TOMPO -B - 2023



***Tonga nofo ny Teny ary nonina tety amintsika.***

Ry Kristianina havana, an-kafaliana sy an-karavoana tokoa ny anolorana ny fiarahabana sy ny firarian-tsoa ombam-bavaka ho antsika ao anatin'izao fankalazana ny Noely izao. Arahabaina isika oloaraiky jiaby tratrin'izao Noely izao. Arahabaina isika EOV MISIONERA VITA BATEMY IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Matoa eto anivontsika i Jesoa amin'izao Noely izao dia satria hanavao ny zava-drehetra nikorontana, hitondra aina sy fivelomana, raha isika olombelona tratry ny fahotana tamin'ny fototra ary voasariky ny fakam-panahy ka mifanapotika dia miantso antsika àry Izy Andriamanitra amin'izao Noely izao hanokatra ny fontsika handray an'i Jesoa eo amin'ny fiainantsika mba ho ivon'ny fianantsika Izy, mba ho génération mpanorina tokoa isika sy ho mpandavorary, hitoetra ao Aminy tokoa isika ary Izy hitoetra amintsika dia hamokatra be isika ary ho feno ny hafaliantsika. Raha Izy mitoetra eo amintsika dia hamokatra be isika. Matoa ny fiainantsika izao tsy mamokatra dia satria tsy mitoetra ao amintsika i Kristy ilay Mesia tonga eto anivontsika.

> Vakiteny I : **Iz. 52, 7-10**
> Tononkira : **Sal. 97, 1. 2-3ab. 3de4.**
> Vakiteny II : **Heb. 1, 1-6**
> Evanjely : **Jo. 1, 1-18**

Ry Kristiana havana milaza miara-mahita isika fa maro ny zavatra robaka, simba noho ny fiovan'ny toetrandro vokatry ny hetraketrakantsika olombelona tsy nivelona ny vôkasiontsika araka ny naharian'Andriamanitra antsika. Nasongadintsika izany tamin'ny taratasy

navoakantsika tamin’ny famaranana ny Fijanonana faha 2. Nohamafisin’ny Papa izany tamin’ny hafatra nataony tamin’ireo Mpivory tany Dubaï farany teo mikasika ny fiovan’ny toetrandro antsoina hoe COP 28: Sarotra ary tena manahirana ny toe-javatra iainantsika vokatry ny fiovan’ny toetrandro satria tena mifaningotra amin’ny ara-tsosialy…. Noely tokoa ny andro… noely vanim-potoana mitondra fanantenana, noely manambara fiadanana araka ny hiran’ny anjely… Nefa indrisy amin’izao andro ahatsiarovana manokana ny zaza izao dia aoka ho fantatsika fa amin’ny zaza folo dia 3 amin’izy ireo tsy afaka mianatra noho ny fahasarotan’ny fiainana. Tsy afaka mandoa saram-pianarana izy ireo na dia lazaina aza fa maimaim-poana ny fianarana hoy ny Lalam-panorena ho fankatoavana ny zon’ny olombelona. Indrisy marina ilay voalazan’ny mpandinika iray : tsy mila tafondro, tsy mila bomba, tsy mila basy raha te-hanapotika firenena anankiray fa ny rafi-panabeazana sy rafi-pampianarany no potehina dia ho potika tanteraka io firenena io. Izany ny manjo antsika. Amin’izao noely fetin’ny zaza izao dia sarotra ny toe-javatra atrehintsika mihoatra noho ny Covid. Azo lazaina fa tena potika ny hoavy raha tsy atrehintsika dieny izao . Antsoina hoy ny Papa ny Tompon’andraikitra handray an-tanana. Isika koa amin’ny toerana misy antsika samy handray an-tanana. Izay ny noely satria tonga olombelona ny Zanak’Andriamanitra mba hahatonga antsika ho zanak’Andriamanitra

Tsy Andriamanitra lavitra no Andriamanitsika ka tahaka ny namonjeny antsika tamintsika NOKORONTANIN’NY DEMONY tamin’ny fahotana tamin’ny fototra dia nampanantena ny Mpamonjy izy. Tonga teto tokoa ny Mpamonjy rehefa nanao “Eny” i i Masina Maria vokatry ny finoana. Natoron’I Masina Maria ny lalana. Aoka isika haka tahaka azy ka hanao “Eny” handraisantsika ny Mesia amin’izao fotoan-tsarotra izao. Tonga I Jesoa hanarina ny fifandraisantsika amin’ny lafiny manontolo : fifandraisana amin’ny zava-boahary, fifandraisantsika samy isika, fifandraisana amin’Andriamanitra. Io ny fahariana vaovao, lanitra vaovao, sy tany vaovao andrandraintsika. Sokafy ny fontsika handray an’I Jesoa dia ho Noely tokoa ny fiainantsika. Izay ny dikan’ny komonio raisintsika. Tsy komonio mikombona anefa satria tsy noely ho azy samirery no nahatongavan’I Jesoa fa ho an’ny rehetra. Manomboka tao amin’ny fianakaviana Masina mandalo amin’ny mpiandry ondry ka hatramin’ny Majy. Torak’izany koa irahina isika ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA ka zary génération, taranaka Mpanorina.

Izany no andrandraintsika amin’izao Kongresy Eokaristika Nasionaly izao (KEN 2024), ny famindrampon’Andriamanitra ho eo anivontsika ka hanavao ny fiainantsika mba ho ny Fihavanana tokoa no hanasitrana an’izao tontolo izao, mpiray tampo isika jiaby ka hifanasoa hifampitsimbina ary hikajy ny soa iombonana.

Amin’izao fankalazana ny Noely ka hifanolorantsika ny firarian-tsoa sy fiarahabana izao àry mba tsy ho fety ety ivelany fotsiny fa indrindra ho antsika miatrika ny fiainana sarotra izao, dia aoka ho tahaka an’ireo mpiandry ondry isika ka hihazakazaka hiakatra ho an’ny Betlehema mba hahita an’izany famonjena izany eo anivon’ny fiainantsika. Mihazakazaka izay midika fa maika ka aoka isika rehetra amin’izao fotoana hankalazantsika ny Noely ka handraisantsika ny famonjena izao ho toy ireo mpiandry ondry nandray ny famonjena ka mba ho maika koa isika hanova ny fiainantsika hanatona an’i Kristy. Manaraka ny mihazakazaka dia miakatra ka mila misandratra ny fontsika. Mila misandratra ny fiainantsika fa tsy hirefarefa amin’ny tany. Amin’izay hahatsapa isika fa olo araiky ao amin’Andriamanitra

satria nohariany hitovy endrika Aminy. Ny endrik'i Jesoa no hitantsika sy hitan'ireo mpiandry ondry tao Betlehema, nihazakazaka izy ireo hahita ny endrik'Andriamanitra. Aoka isika hahita ny endrik'Andriamanitra amin'ny fiainantsika dia tsy inona fa ny fitiavana, ny fahamarinana, ny fifanajana, ny fihavanana. Izany no ankalazaintsika amin'izao Noely izao. Mahita ny endrik'I Jesoa tokoa isika eo amin'ny fiainantsika satria niova ny fontsika. Tsy ny lojikan'izao tontolo izao intsony no manentana ny fiainantsika fa OLOM-PINOANA, OLOM-PANANTENANA, OLOM-PITIAVANA vokatry ny safidy ka miova tokoa ny fifandraisana amin'ny tontolo iainana, amin'ny tontolom-piainana, amin'ny fiaraha-monina, amin'ny tontolom-pinoana ka mifototra amin'ny fifanajana.

Ho antsika ny fankalazana dia ivelomana ka hivelona ny endrik'Andriamanitra isika, raha manatona ny "la crèche" isika ka mitsaoka azy dia tsy hoe manompo sampy amin'izany fa noho ny finoana dia ho hitantsika fa endrik'Andriamanitra tokoa no asehon'izany, izany hoe manosika antsika hahita ny endrik'Andriamanitra amin'ireo manodidina antsika. Raha mahita ny endrik'Andriamanitra isika dia hiova tokoa araky ny voalaza teo, ny fifandraisana fototra telo.

Ny fanompoan-tsampy tokoa dia manambara fa tsy mahita ny endrik'Andriamanitra, ary izany no miseho amin'izao andro iainantsika izao ka mahatonga izao KORONTANA MARO EO AMIN'NY FIAINANA ka ny loza dia ny madinika hatrany no mitondra faisana. Ao anatin'ny haizina ny ho avin'izy ireo satria tsy afaka mianatra ny zaza rehetra. Indrisy noho ny adim-piainana dia mivary lavo izy ireo ary maro ny mikatsaka sy mamorona Andriamanitra hafa ka lasa mandrodana toy izay manorina.

Amin'izao Noely izao, aoka isika ho tahaka ireo mpiandry ondry hihazakazaka hanatona an'i Jesoa, miaraka amin'ny Fanahy Masina izay hanokatra ny fontsika. Aoka ho ny mason'Andriamanitra no hijerentsika ny manodidina antsika, aoka ho ny vavan'Andriamanitra no hitenenantsika. Enga anie isika hanatona ny "la crèche" ka hahita ny endrik'Andriamanitra, izany hoe hahita fitiavana, fihavanana, fiadanana, hahita ny fahamarinana. Enga anie isika ho tahaka ireo mpiandry ondry eo anivon'ny fianakaviantsika sy ny toerana rehetra misy antsika hahita ny endrik'Andriamanitra ka afaka hanambara an'izany endrik'Andriamanitra hitantsika izany amin'ireo manodidina antsika.

Ary hiainantsika izany endrik'Andriamanitra izany tahaka an'i Lucien Botovasoa izay raim-pianakaviana, sy ho tahaka an'I Victoire Rasoamanarivo izay renim-pianakaviana mba ho taranaka mpanorina sy marina isika rehetra. Azontsika onona, azontsika tsara amin'izao ny mahatonga antsika miatrika izao Sinaody izao sy manomana mafy amin'ny Kongresy izao mba hahatonga antsika hanao "nouveau départ" hanorina ny ho avy mendrika ny maha-zanak'Andriamanitra.

Aoka isika ho tahaka an'i Masina Maria, hahay hitahiry ao am-pontsika ao fa tsy ho poerapoera, manaiky ny sitrapon'Andriamanitra sy manatanteraka azy.

Hanao "nouveau départ" tokoa isika araky ny averimberintsika miatrika izao Sinaody izao ary eo am-panomanana ny Kongresy Eokarisitika.

Ho Noely hitondra vokatra tsara anie ity noely ity. Aoka isika hitoetra ao amin'i Jesoa ary hitoerany ka hamokatra be, izany no irintsika vokatry ny Noely izao, hamokatra ny

fiainantsika, hamokatra ara-panahy, ara-tsaina, ara-nofo ka ho lavitra antsika ny ratsy rehetra, ho lavitra ny fahasahiranana sy ny fahoriana rehetra isika ka ho tena génération mamokatra tokoa eo amin'ny fiainantsika. Ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VAOVAO. Ho Mpampihavana isika satria ny fihavanana no hanasitrana an'izao tontolo marary sy maratra. Raha génération tena manorina tokoa isika amin'ny ataontsika rehetra dia ho eo anivontsika ny aina, ho eo anivontsika ny fahazavana, ho eo anivontsika ny tena fiainana sy ny fiadanana araky ny voalazan'i Md Joany amin'ny Evanjely androany *"Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny dia tao amin'Andriamanitra, ary Andriamanitra ny Teny. Tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany Izy, Izy no nahariana ny zavatra rehetra, ary raha tsy Izy, tsy nisy ary ny zavatra àry rehetra. Tao aminy ny fiainana, ary ny fiainana no fahazavan'ny olona. Ary mamirapiratra amin'ny maizina ny fahazavana, fa tsy nandray Azy ny maizina »*

Matoky isika araka izany ary efa averintsika matetika fa I JESOA FIHAVANANTSIKA NO HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY KA HIFAMPITSIMBINA HIFANASOA KA HIKAJY NY SOA IOMBONANA. Manantena tokoa isika fa hivelona ny tena fiainana araky ny voalazan'Izaia mpaminany amin'ny vakiteny voalohany ka hahita ny famonjen'Andriamanitra ny vazan-tany rehetra nampihavan'I Jesoa " *Nasehon'ny Tompo ny sandrin'ny fahamarinany, hiharihary eo imason'ny firenena rehetra. Ary ny faran'ny tany rehetra, hahita ny famonjen'ny Andriamanitsika. »*. Sambatra tokoa isika fa tonga hatraty amintsika Madagasikara ny famonjena, ary izay itoerany dia hamokatra be.

Enga anie mba ho tanteraka tokoa izany ry Kristianina havana, enga anie ho eo anivontsika tokoa ny fahazavan'I Kristy sy ny hafaliany ka ho zary fahazavana sy fanasina koa isika hahay hizara ny hafaliana eo anivon'ny manodidina antsika, eo anivon'ny fianakaviana Eglizy kely, eo anivon'ny fiaraha-monina ka ho eo anivon'ny fiadanana marina isika.

Masina Maria, Md Josefa mivavahà ho anay mba ho noely manambara "départ vaovao" tokoa ity noely ity fa indrindra ho an'ireo zaza maro tsy afaka mianatra teo ka hiditra ampianarana manomboka izao. Ho "départ vaovao" ho anay rehetra ka hikajy ny tontolo iaiana izahay mba ho diosezy maintso ity diosezy maminay ity. Ho "départ vaovao" ho an'ny tontolom-piainanay, ho an'ny fiaraha-monina ka ny fihavanana sady kristianina no malagasy no hanasitrana an'izao tontolo izao ka hifampitsimbina sy hifanasoa izahay. Ho "nouveau départ" ho anay tokoa izao Noely izao ka ho tontolom-pinoana anehoanay fa olon-dehibe amin'ny finoana izahay ary izahay no Kristy Mpiara-belona amin'ny olona. Ho Mpamafy fahamarinana, ho mpampanjaka ny rariny sy ny hitsiny. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson